IEM
Fivarotana ambongadiny an'i Madagasikara amin'ny vahiny 3

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 28 jolay 2018 Laharana 794 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

**AMOS 3 : 7** 5
Prophetie et révélation pour le monde entier, Madagasikara le 22 juillet 2018.

Foaran'Ambatondrazaka 2

# Nosakantsakanana ny filoha Ravalomanana



Tratry ny tolaka rafivavy 6

# Maty ny zanak'izy mivady



FILOHAN'NY ANTOKO HVM 2

## Nametra-pialana i Rivo Rakotovao



**Tranga** 6

## Rangahy nangalatra taolam-paty nahitsoky ny vadiny

**Tsy fandriampahalemana** 7

## Halatr'omby andro antoandro tao an-tsenan'omby

**Lycée Ambohitrimanjaka** 6

## Nahazo fampitaovana avy amin'ny Lycée any Belgique

**Daka kely**

Mahazo dakam-biriky any amin'ny Bries any ialahy Raforce a !

AIMF sy ny tanànan'i Paris 5

## Afapo amin'ny fiaraha-miasa amin'ny CUA ...



FOARAN'AMBATONDRAZAKA

## Nosakantsakanana indray Ravalo



Tonga nitsidika ny Foara Tangorona andiany faha-2 tany Ambatondrazaka omaly ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) Marc Ravalomanana, nisy anefa ny fanakantsakana azy nataon'ny mpitandro filaminana nandritra ny fitsidihana saika hataony ireo tranoeva mampiranty mandritra izao tsenabe izao. Anisan'ny mampiranty ao amin'ity tsenaben'Ambatondarazaka ity ny orinasa Tiko, ka ny hijery an'izany sy ireo tranoeva hafa no anisan'ny nahatongavany tany an-toerana. Tsy navelan'ireo mpitandro filaminana nanao fitsidihana anefa izy satria hoe tsy mbola nisokatra tamin'ny fomba ofisialy ny foara. Marobe ihany koa anefa no liana tamin'izao fahatongavany tany an-drenivohitry ny faritra Alaotra Mangoro izao, satria efa elaela ihany ireo mponina any an-toerana no tsy nihaona taminy, ka tafaray ny tia sy ny manina. Izay no anisan'ny tsy zakan' ny vavon'ireo solontenam-panjakana tany an-toerana sy ny mpitandro filaminana ka nahatonga ny fanakantsakanana. Rehefa nisy anefa ny fifampiresahana, niravona ihany ny olana, ka dia afaka nitsidika ireo tranoeva ihany ny Filoha Marc Ravalomanana sy ireo olona marobe. Nisy ihany koa teny antsefantsefany teny ny firesahany mivantana tamin'ireo vahoaka tao amin'ity tsenabe ity. Tao aorian'ny tany Ambatondrazaka, nitsidika ny tany Bejofo i Dada, satria ben'ny tanàna avy amin'ny antoko TIM no mitondra izany Kaominina izany. Ho any Amparafaravola kosa anio ny Filoha Marc Ravalomanana sy ireo delegasiona miaraka aminy.

***Isambilo***

Fampandrosoana ifotony

## Fahombiazana ny dian'ny ben'ny tanàn'larivo tany New-York




Fahombiazana ny dian'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana tany New-York Etazonia, niatrika ny fivoriamben'ny CGLU: Collectivités et Gouvernement Local Unis, na ny fivondronamben'ireo governemantam-paritra sy ireo tanàn-dehibe eto amin'izao tontolo izao, nandinihana ny fampandrosoana ny tanàn-dehibe sy ny Kaominina ary ireo governemantam-paritra. Niantoka manontolo ny dian'ny ben'ny tanànan'Antananarivo tamin'izao diany izao ny fikambanana Allemand misahana ny fampandrosoana GIZ. Tafaverina an-tanindrazana tamin'ity herinandro ity ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, nambarany fa nahazo sitraka tamin'ireo mpivory i Madagasikara nandritra izany, indrindra ny tanànan'Antananarivo tamin'ny fandraisam-pitenenana voalohany nataony tany, satria azo lazaina ho maro ireo ezaka fampandrosoana ny tanàna nataon'ireo Kaominina solontenan'i Madagasikara tany any an-toerana dia ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Mahajanga ary Fianarantsoa. Anisan' ireo ezaka natao hoy izy ny fanombohana fampidiran-ketra amin'ny finday na ny mobile banking, ny fanatsarana hafa natao eo amin'ny fampidiran-ketra izay koa, ny fandraisan'anjaran'ny kaominina amin' ny fampandrosoana maharitra, ny fanaovana fambolena an-tanàn-dehibe na agriculture urbaine, ny ezaka fampandrosoana ny tanàna amin'ny ankapobeny ary ny fanomezana sakafo ny mponina sahirana ara-pivelomana. Vokatr' ity fivoriambe iraisam-pirenena tany New-York ity, ho avy eto Madagasikara ny CGLU eran-tany amin'ny volana oktobra izao hijery ny fiarahamiasa momba ny fampandrosoana ho an'ireo kaominina eto amintsika, tsy ho diso anjara amin' izany ny tanànan'Antananarivo. Ankoatra izany, tany Washington koa ny ben'ny tanànan'Antananarivo, nisy tany ny fihaonany tamin'ireo Malagasy monina any Etazonia, nivoitra tamin'ny fihaonana fa ilaina ny hisian'ny tena firaisankinan'ny Malagasy, na ny any ivelany izany, indrindra ny samy eto an-toerana ho fampandrosoam-pirenena, sy ho fampandrosoana ny tanàna.

***Isambilo***

Filohan'ny antoko HVM

## Nametra-pialana i Rivo Rakotovao



*Ny filohan'ny antoko HVM teo aloha Rivo Rakotovao.*

Nanao fanambarana tetsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha omaly ny Filoha nasionalin'ny antoko Hery Vaovaon'i Madagasikara na HVM, Rivo Rakotovao. Nolazainy tamin'izany fa mametra-pialana amin'ny fitarihana ity antokon'ny fitondrana ity ny tenany, araka ny fanazavany dia fandaminana anatiny ao amin'ny antoko no anton'izany, mijanona ho mpikambana tsotra ao anatin'ny antoko ihany ny Filohan'ny Antenimierandoholona araka ny nambarany ary tsy manam-pahavalo na iza na iza ao anatin'ny antoko izy. Noho izay antony izay, hisy ny fifidianana filoha nasionalin'ny antoko HVM vaovao tsy ho ela. Raha ny fanadihadiana sy ny fandalinana politika, ny dikan'izao fametraham-pialan'ny filoha nasionalin'ny antoko HVM izao dia efa miomana ny handray ny toeran'ny filoham-pirenena mpisolo toerana izy amin'ny maha-filohan'ny Antenimierandoholona azy, rehefa hametra-pialana ny Filoha Hery Rajaonarimampianina ny 7 septambra ho avy izao, ny dikan'izany koa dia hirotsaka ho kandidà filohampirenena tokoa ny filoha am-perinasa Hery Rajaonarimampianina, na dia ambany dia ambany tokoa aza ny fitiavan'ny vahoaka Malagasy azy ankehitriny, noho ireo tsy fahombiazana samihafan'ity fitondran'ny antoko HVM ity, na manao di-doha miseho ho mitokan-javatra etsy sy eroa aza Rajao dia tsy tafa mihitsy hoy ny mpandinika politika. Miha-malemy ihany koa ity antoko ity ankehitriny satria misintaka tsikelikely aminy koa ireo mpikambana heverina ho lehibe tao aminy teo aloha, toa andry Paul Rabary, ry John Elite,… mbola ho avy ihany koa ny hafa mbola hiala satria samy tsy te ho tratra farany eo!

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Madagasikara : mbola toy ny tany amin'ny 30 taona lasa

Mizotra hatrany ny fotoana ! Misasaka sahady ny taona saingy tsapa fa tsy maharaka izany fihazakazahana izany ny firenena Malagasy. Gaga ny vahiny izay tonga eto Madagasikara satria ohatran'ny mbola tany amin'ny 30 taona lasa ny zava-misy. Ny fiara izay mandeha eny amin'ny arabe dia maro no efa tamin'ny 30 taona lasa raha izay no atao ohatra. Izay vazaha tonga eto dia mahay ilay fiteny hoe Pays de moramora, izay midika fa tsy tia mandeha haingana isika ary ny tena loza dia mihemotra mihitsy. Lany andro amin'ny fifanomezan-tsiny sy ny fifanenjehana ny ankamaroan'ny Malagasy amin'izao fotoana izao ; raha vao misy mpiray tanindrazana mba misongadina kely eo amin'ny fiarahamonina dia raikitra ny takoritsika, izay tonga hatrany amin'ny famingana, dia eto isika mianakavy. Maro no milaza fa ny rafitra no anisan'ny tsy mampandroso ny Malagasy ; marina izany saingy marina amin'ny ampahany. Maro ny karazana rafitra azo hitantanana ny firenena iray na ny fanjakana iray toy ny Rafitra entin'ny Mpanjaka na Amperora, ny Rafitra manome lanja ny fahefan'ny Filohampirenena, ny Rafitra mampifandanja ny fahefan'ny Filoha sy ny Parlemanta, ny Rafitra manome vahana ny Parlemanta, eo koa ny Rafitra tonga dia didy jadona tsy refesimandidy sy ny maro tsy voatanisa... Fa ny tiana ahatongavana dia izao : ny Rafitra dia rafitra ihany fa miankina be dia be amin'ny olona mampihâtra azy no hisian'ny fivoarana sy fandrosoana ao amin'ilay firenena satria na inona na inona rafitra apetraka rehefa ny olona manana fahefana no zatra mangalatra dia tsy maintsy fahantrana no zakain'ny vahoaka. Any Allemagne ohatra dia ny rafitra Parlematera no hitantanana ny firenena kanefa dia iaraha-mahita ny fandrosoan'izany firenena izany satria sarotra ho an'ny lava tanana no mangalatra. Tsotra ny tiana hambara, na inona na inona rafitra eto Madagasikara dia mahita lalana foana ny totakely amin'ny halatra, noho izany dia ny fampihârana ny sazy faran'izay henjana ho an'ny mpanao ratsy ihany no vahaolana indrindra ireo tomponandraikitra ambony izay tokony hanome modely ho an'ny vahoaka tsotra. Mila fahasahiana anefa izany, sa ahoana hoy ianao?

***Rina Rabemananjara***

Minisiteran'ny Indostria

## Nanokana andro fihaonana teny amin'ny Batou Beach

Niara-nifaly teny amin'ny Batou Beach Ambohimanambola omaly tontolo andro ny mpiasa rehetra ao amin'ny minisiteran'ny Indostria sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina. Tonga nanatrika izany ny solontenan'ireo mpiasan'ny minisitera manerana ny faritra maro eto Madagasikara. Nanome voninahitra ny fotoana tamin'izany ny minisitra tompon'andraikitra mitantana ny minisitera Guy Rivo Randrianarisoa mivady sy ireo mpikambana amin'ny kabinetrany ary ireo tale isan-tsokajiny avy. Natao izao lanonana izao hoy ny minisitra Guy Rivo Randrianarisoa mba hifankahalalàna bebe kokoa eo amin'ny mpitantana ny minisitera sy ireo mpiasa, mba hanatsaràna ny fomba asa. Ilaina ihany koa ny fialamboly ahafahana mifantoka amin'ny asa andavanandro hanompoantsika ny firenena hoy ny minisitra, nefa aoka tsy hadino amin'izany hoy izy ny resaka disipline na fanarahana fitsipika. Ankoatra izay, nisy ny fanoloran'ny minisitra mivady vola 2 000 000 ariary hoentina hanamboarana ny toby fitsaboana nify ao amin'ny minisiteran'ny Indostria, teo ihany koa ny nanolorany fanomezana fahatsiarovana ho an'ireo mpianatra teny anglisy 3 voalohany nanana naoty tsara. Ankoatra izay, nisy ny fifaninanana basket-ball, kick-boxing ary dihy maro samihafa teny an-toerana nanafanàna ny lanonana, ka ny masoandro maty no nampalahelo tamin'izany fa nalai-nisaraka ireo mpiasa rehetra.

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitondrana HVM : toy ny trano naorina tamin'ny rihitra tany ka rehefa avy ny orana dia mirodana

Rehefa dinihana ny tantaran'ny antoko politika nijoro teto Madagasikara taorian'ny namerenan'ny frantsay ny fahaleovantena dia mitovitovy ihany satria toa mitovitovy avokoa ny fomba sy ny fotoana nananganana azy. Efa antomotra ny fifidianana vao fantatra fa misy ny antoko. Na izany aza dia misy ny mampiavaka azy ireny rehefa nifandimby ny fotoana sy tranga ara-piarahamonina sy ara-politika. Nijoro ny antoko PSD rehefa nisafidy ny sata repoblikana ny Malagasy, araka ny toromariky ny frantsay. Niroborobo tokoa ity antoko ity nandritra ny roambinifolo taona. Na dia nisy aza ny disadisa anatiny, toy ny vaovao nanambara fa saika nanongampanjakana ny minisitry nyAtitany tamin'izany, dia azo lazaina fa tsy nivaky ny antoko. Maro ny antoko nitsangana rehefa nianjera ny Repoblika I ka ny tsikaritra dia niparitaka tany amin'ireny antoko vaovao ireny ny ankamaroan'ny mpikambana PSD. Iaraha-mahatadidy fa lasa tao amin'ny antoko AREMA ny ankamaroan'izy ireny. Natanjaka tokoa ny AREMA nandritra ny Repoblika II ary tsy vitsy ireo avara-pianarana nirotsaka tao ary nanangana sampana isan-karazany toy ny tanora, ny vehivavy,… Ny tanora tamin'izany fotoana izany dia nahatsiaro fa anisan'ny tanora AREMA ny filoha amin'izao Repoblika IV izao. Nirodana ny Repoblika II kanefa toa mbola hita taratra ihany fa mbola nifikitra tao ihany ny mpikambana anisan'ny lohandohany. Efa hitsangana ny Repoblika III-1 vao namorona ny antoko UNDD ny Profesora Zafy Albert. Niantsampy tao amin'ity antoko ity indray ny ankamaroan'ny politisiana gasy, indrindra ireo nolazaina fa goaika antitra. Fohy loatra ny fotoana nitondran'ny UNDD ka mbola hita tao amin'ny Repoblika III-2 ny ankamaroan'ireo mpikambana AREMA tany aloha. Nialohan'ny nilatsahany ho kandidà filoham-pirenena no nanangana ny antoko TIM Ravalomanana Marc. Niroborobo sy natanjaka ity antoko ity tao anatin'ny fito taona ary tsy nisy disadisa anatiny hita taratra taty ivelany. Namorona ny antoko TGV Rajoelina Andry talohan'ny nirotsahany ho kandidà ben'ny tanànan'Antananarivo. Toa teto an-drenivohitra ihany anefa no tena niroborobo ity antoko ity ka izay no nametrahana ny MAPAR nialohan'ny fifidianana solombavambahoaka. Satria tsy ny MAPAR no nanolotra an-dRajaonarimampianina Hery ho kandidà fa ireo kandidà roalahy tsy nahazo nirotsaka, Kolo Roger sy Jules Etienne dia nanangana ny HVM izy. Mazava ho azy fa ireo mpijapy lamasinina no nanatevin-daharana ny antoko. Raha tazanina ety ivelany dia toa tena nisandrahaka tokoa ny HVM ary na ireo depiote voafidy tamin'ny tsy nanana antoko (indépendants) sy ny nivadika tamin'ny MAPAR no lasa depiote HVM. Ireo olom-boatendry any amin'ny distrika sy faritany ary ben'ny tanàna sasantsasany dia lasa mpikambana HVM avokoa. Manaporofo izany dia ny HVM no maro an'isa ao amin'ny Antenimierandoholona satria ireo mpifidy lehibe (grands électeurs) no nifidy azy ireo. Rehefa mizotra anefa ny fiainam-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra, sosialy, politika, toekarena,… dia niseho miandalana ny olana eo amin'ny fanitsakitsahana lalàna misy sy ny tsy fampiharana didy navoakan'ny fitsarana. Niteraka korontana maro teo amin'ny fiarahamonina izany ka mirongatra ny fitsaram- bahoaka, mahazo vahana ny asan-dahalo sy ny fanafihana mitam-piadiana. Nikorosy fahana ny toekarena ary latsaka ao anaty fahantrana lalina ny vahoaka. Nipoitra avokoa ny fitakiana ara-tsosialy sy sendikaly ary mikorosy fahana ny fanabeazana izay niafara tamin'ny fitakiana ny fanonganana ny filohan'ny Repoblika mihitsy ka niteraka ny fanovàna ny governemanta. Mibaribary ankehitriny fa efa ela no nisy ny disadisa teo anivon'ny fitondrana HVM ka ireo minisitra voailika tao amin'ny governemanta no namotsitra ny vay voalohany. Mety ho mitombina ny filazana fa tsy nahazo niteny sy ny fitazonana ny tsiambaratelon'ny antoko kanefa matoa tsy sahy nampibaribary ny marina dia firaisana tsikombakomba sy fiarahana nitsentsitra ny hatsembohan'ny mpiray firenena ary nanao fanambadiam-boalavo ka samy nikepoka ny harem-pirenena izay sendra azy avy. Rehefa may ny ala niriharihavana dia samy mitady izay azo hisitrihana indray satria toy ny volom-bodin'akoholahy ny teo ka nalaza tsara ihany hay aorian'ny namany.

***Andry Tsiavalona***

Pr Harimalala Joseph

# IEM : fivarotana ambongadiny an'i Madagasikara amin'ny vahiny

Miha-mafana dia mafana ny toe-draharaha politika amin'izao fotoana. Eo aloha ireo karazana fampielezan-kevitra isan-karazany mialohan'ny fotoana ataon'ireo kandidà isan-karazany, izay toa jeren'ny Governemanta sy ny CENI fotsiny raha toa ka tokony ho izy ireo no hampiato na handrara ny fanaovana izany. Fa etsy ankilany dia mbola mihenjana ny tady eo amin'ny Governemanta sy ny mpampianatra, izay mboa nanome 72 ora indray ny Praiministra hamaly ny fitakiany. Manoloana izany tranga-javatra isan-karazany izany, izay mampisafotofoto tanteraka ny raharaha politika sy ny sosialy dia lasa mora rebirebena ny saim-bahoaka ary mirona any amin'ny fihainoana tsaho isan-karazany satria efa tsy hitan' ny olona intsony ny lalankizorana na amin'ny fiainana na ny raharaha politika. Mikasika izay indrindra no hitondran'ny Pr Harimalala Joseph ny fanehoan-keviny amin'ity anio ity, izay tarihiny amin'ny alalan'ny soratra masina ao amin'ny Ohabolana 14 : 12 manao hoe : « Misy làlana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo fahafatesana no hiafarany ». Araka io tenin'i Jesosy Kristy io hoy izy no hanairany ny sain'ny vahoaka malagasy manontolo mba hitandrina amin'izao fotoanan'ny hetsika ara-politika isan-karazany izao, izay hiparitahan'ny vola etsy sy eroa satria efa fantatra ny fahasahiranana sy ny fivelomana kanefa mitandrema fa mety hitondra antsika any amin'ny fahafatesana izany aoriana ao. Etsy andaniny dia efa tsy eran'ny aina ny tsy fandriampahalemana manerana an'i Madagasikara. Raha ny tranga niseho vao tsy ela tany Ambilobe hoy ny fitantarany dia nisy ny olona hitondra ny vokany no nisy namono ka lasan'izy ireo ny vola sy ny vary nentiny ary hatramin'ny bisikileta izay nentiny. Ny nanaitra ihany koa dia nisy ny tranga mampiahiahy satria nambaran'ny olona fa tsy teo ny masony sy ny fony ary ny taovam-pananahan'ilay lehilahy. Raha ny fantatra ihany dia niady varotra tsara ny roa tonta ary nampanaterin'ilay nilaza ho mpividy any antranony ilay vary, satria noheveriny ho olon'Andriamanitra ilay ranamana, saingy rehefa tonga tany izy dia ny fatiny sisa hita, izay efa eo ampanaovana fanadihadiana ny tompon'andraikitra amin'izany. Toa izany ny zava-misy ankehitriny ary tsy hafa amin'izany no ataon'ireo mpanao politika efa fantatra ireo ; izay efa nampidi-kizo an'i Madagasikara hatramin'ny fanonganam-panjakana hatramin'ny taona 2009 ka niteraka faty olona tsy toko tsy forohana teto Madagasikara, izay nitarika ny olona « tamin'iny làlana iny », ka nitondra azy ao anatin'izao fahoriana lalina sy fahafatesana izao, kanefa dia milaza fa manana vahaolana IEM indray hanavotana indray ny Malagasy ? Aoka hitandrina isika mba tsy ho in-droa hahita ny maizina eo amin'ny fiainana hoy ity mpandrinika ity, ka ho voarebirebin'ny fampandriana adrisa indray ka hiandry an'i Madagasikara ho lafony ambongadiny amin'ny vahiny ve vao ho tonga saina isika ? Ho fehin'izany rehetra izany dia hoy ny tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny Marka 8 : 36-37 manao hoe : « Fa inona no azon'ny olona raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy ? Fa inona no omen'ny olona ho takalon'ny ainy ? Hamaranana azy dia tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny Matio 24 :23-28 manao hoe : « koa raha misy manao aminareo hoe : indro, aty i Kristy na indro ary, aza mino hianareo. Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, ary raha azo atao, na ny olom-boafidy aza dia ho fitahiny. Indro voalazako aminareo rahateo izany. Ary amin' izany, raha misy manao aminareo hoe indro any an'efitra izy, aza mankany hianareo na indro ao amin'ny efi-trano izy, aza mino. Fa tahaka ny elatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fiavian'ny zanak'olona. Fa itoeran'ny faty, dia any no hiangonan'ny voromahery. Dia izany no zavamisy ankehitriny miseho eto Madagasikara amin' izao fotoana izao, manararaotra ny fahoriana mahazo ny olona amin'ny nataony ny rehetra ary dia milaza ho manana vahaolana indray aty aoriana. Aoka ho mailo !

***Lezama***

## NY TENY FIAINANA



*Galatiana 3:29*

*Fa raha an'i Kristy hianareo, dia taranak'i Abrahama sy mpandova araka ny teny fikasana.*

facebook NY VALOSOA

## Rajoelina sy Rajaonarimampianina no tena nampiditra kizo ny firenena hatramin'izao

**Bertrand Ranaivoson** : na inona filaza na inona fanazavana dia taorian'ny nanonganan'ny andiana miaramila sy rajoelina an-dRavalomanana dia nifafa ny kihony ra-Malagasy! Mbola tohizan'ny fitondrana Rajaonarimampianina amin'izao fotoana izany fampahoriana ny Malagasy izany. Noho izany Andry Rajoelina sy Hery Rajaonarimampianina no tena nampiditra kizo ny firenena hatramin'izao.

**Aina Leon's Right** : ok dada, Dada ihany no hanavotra ny firenena fa Rajao sy Rajoelina dia vao mainka mbola handetika ny firenena raha sanatriavina ho lany, nefa tsy hisy izany, efa fantatry ny vahoaka ny- ho fidiany.

**Sylvie Rasoloarison** : tena marna mints zan, Dada ihany no hanavotra ny firenena.

**Nimaro Nimaro** : marina loatra, fa mila mailo sy miray hina tsara isika hampandresena ny Filoha Marc Ravalomanana.

**Dav Raveloson** : MARINA BE, zaza navelan'ny fanapotehana nataon'i ndry Rajoelina ihany Rajaonarimampianina sy ny ekipany ankehitriny.

**Ariana Oceane** : havondrontsika hatrany ny hery ho fampandresena ny filoha nasionalin'ny antoko TIM.

**Jean Jules Randrianasolo** : safidy tsara tsy hanenenana ny maka an' Dada, izy ihany no tena afaka hampandroso haingana ny firenena, efa hita izany nandritra ny 7 taona nitondrany.

**Fanja Raharimalala** : marina lôtra, Dada ihany, Dada hatrany.

**Arson Jean Noelin** : amik fifidianan efa vita fa latsa'bato tavela OK! Baba Ravalomanana avao ny antsika.

**Ninacoiff Ralinoro** : Reo no tena Dada sy Neny

**Robert Randrianarivony** : tokony ho 1er tour io fifidianana io dia ho vita, fa mila miasa be isika mpomba an'i Dada amin'izany, tsy tokony hisy intsony ny fanilikilihana. Lasa izao!

## TONONKALO

## Epistilin`ny mpampianatry ny sekoly tsy miankina

### HO AN-DRABARY

Tara loatra ianao Rabary , tara loatra ny ampamoaka,
F`efa very seza ve vao be kabary sy mihoaka ?
Tena tratra aoriana loatra ny antsonao re Ramose,
Ka dia meteza mba hangina , leo anao ny mpanabe !

Tara loatra ianao Rabary , f`efa rendrika ny lakana ,
`Zay ianao vao mihorakoraka toy ny zaza miala sakana.
Nopotehinao tanteraka ny tontolom-panabeazana,
Ka meteza ianao hangina fa tomany anao ny razana !

Tara loatra ianao Rabary , teo ianao tsy nisy hafitsoka.
(Tsy navelanao `zahay raha tsy any an-davaka mangitsoka !)
Nopotehinao tanteraka ireo mpampianatra tsy miankina.
Mafy ny manjo anay f`izao zahay dia tena tankina !

Tara loatra ianao Rabary , sanatria tsy fanitarana,
Tena tsy kapoakanao ny sehatry ny fampianarana.
Ny mivadika taranja , izay no mahasoa anao,
Dia avadiho koa ny somizo , pataloha sy palitao.

Tara loatra ianao Rabary , mainka ny olona sahirana,
Noho ny fikitihanao ny taon-tsekoly sy fidirana.
Koa dia tsofin-drano ianao, dia miovà taranja indray,
Fa aza tia mibitabitaka amin-javatra tsy hay.

***DADAN`I ZINA (26-07-18)***

MPAMONJY VOINA TSARALALANA

## Nahazo fanomezana fitaovana avy amin'ny malala-tanana



Notoloran'ny fianakaviana Ralambomahay Ramarosata, izay mpiara-miasa amin'ireo mpamonjy voina avy any amin'ny Mont de Marsan Bordeaux Frantsa, akanjo mafana 133 sy « combinaison anti-flamme et eau » 32 ny Mpamonjy Voina avy an'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny alakamisy teo. Tonga nandray izany fanomezana izany tamin'ny fomba ofisialy teny amin'ny ivotoeran'ny Sampana Mpamonjy Voina teny Tsaralalàna ny solontenan-dRamatoa Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna, kolonely Emilien Ramboasalama sy ny lehiben'ny Kaomandin'ny Mpamonjy Voina. Nosafidiana manokana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra hoy ny mpanome tamin'ity voalohany ity amin'ny maha Renivohitr'i Madagasikara azy.

Etsy andaniny dia nanambara ny Sampana Mpamonjy Voina fa hery sy ampinga ho azy ireo ny fahazoana izao fitaovana vaovao izao amin' ny fanatanterahana ny andraikiny, koa nanome toky izy ireo fa hiezaka hanatsara hatrany ny kalitaon'ny asa famonjena voina. Raha jerena tokoa mantsy dia manana olana amin'ny tsy fahampiana fitaovana ho entina miasa ireto mpamonjy voina ireto, ka nametraka tanjona izy ireo amin'ny fanavaozana izany fitaovana izany. Araka izany dia misokatra amin'ny fiaraha-miasa amin'ny rehetra ny Mpamonjy Voina na avy eto an-toerana izany na ny avy any ivelany. Santatra ambava rano ihany ity ataon'ireto fianakaviana Ralambomahay sy ny ekipan'ny Mpamonjy voina avy any amin'ny Mont de Marsan Bordeaux ity fa ny manetsa be mbola ho avy.

***Aly***

Faritra Vakinankaratra

## Nandray ny masoivohon'i Korea Atsimo

Nitsidika an'i Vakinankaratra ny delegasionina Koreanina tatsimo, notarihin'Andriamatoa Lim Sang Woo, masoivohon' ny Repoblikan'i Korea miasa aty Madagasikara, ka nandray ireto vahiny ireto ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra ny Jeneraly de Division William Rakotonarivo sy ny Tale miadidy ny lafintany ary ny Tale miandraikitra ny fampandrosoana ny andron'ny alarobia teo. Nandritra ny fihaonana no nampahafantarana ny momba ny Faritra Vakinankaratra fa indrindra ireo sehapihariana efatra: ny katsaka, ronono, soja, ary ny kaomposta. Raha ny fantatra dia hisy ny mpilatsaka an-tsitrapo ho tonga aty an-toerana ka izany indrindra no nahatonga azy ireo nanao izao fitsidihana izao mba



*Ny lehiben'ny faritra Vakinankaratra nandray ny Masoivohon'i Korea Atsimo.*

hahafantarany izay tokony hanampiana ny Faritra Vakinankaratra. Taorian'izay dia nandeha nidina ifotony ireo delegasiona ireo nijery ny manodidina ny fanabezana ny ankizy aty Madagasikara ireo délégasiona ka ny EPP Tomboarivo no notsidihina tamin'izany. Ny ahafantarana tontolo iainan'ny ny fanabeazana fototra sy ny olana mianjady amin'izy ireo no nambara ho anton'ny fitsidihana. Izany no natao dia mba hahitany ny zava-misy marina ary hitondrany vahaolana ka handefasany mpilatsaka antsitra-po hizara traikefa hifanampy amin'ireo mpampianatra. Nitohy teny Mahaimandry-Vinaninkarena ny fitsidihina ka ity toerana misy ireo mpifindra monina efa hatramin'ny 20 taona lasa ity indray no notsidihina ka nampahafantarina ireo vahiny, fa tany am-piandohana dia nomena tany 8 ara sy trano nipetrahana ireto olona ireto. Ankehitriny, efa 10 taona izay no nahalasan'ireo mpiara-miombon'antoka nifanampy tamin'ireo mponina ary azo lazaina fa efa mahaleo tena tanteraka izy ireo ankehitriny ary miatrika ny fiainany samirery. Misy amin'izy ireo no manao ireny asa madinika fanaon'ny olona eny ambanivohitra toy ny fanaovana Sarakatsaha sy ny fivarotana kitay amin'ny vidiny mora. Taorian'izay dia nofaranana tao amin'ny « Centre Thermal » ny fitsidihana, ka hita ho nahaliana ireo vahiny ny tao Andranomafana satria tsy dia fahita firy ny toerana ahafahana mitsabo amin'ny ranomafana tahaka itony.

***Solohery***

Fandaharan'asa Miara-Mianatra

## Fiarovana ny zo maha olona ho an' ireo manam- pahasembanana

"Samihafa Miara- mianatra : Zo- Mety Amiko - samy tafita " io no teny filamatra nentin'ny fandaharan'asa "Miara-mianatra", andiany voalohany, izay notanterahana nandritra ny roa andro tao Antsirabe. Manana tombony manokana i Vakinankaratra nanatanterahana ity atrikasa manoloana ireo Faritra 04 hiasan'ny tetikasa dia Atsinanana, Matsiatra Ambony ary Amoron'i Mania. Nambaran'ny Mpandrindra Nasionaly ny programa « Miara mianatra », ao amin'ny foibe ny Fiangonana loterana Malagasy, Andriamatoa Randrianarivony Radasy Rolland fa Modely i Vakinankaratra satria efa mandrakotra ny kaominina miisa 15 ny tetikasa. Izao atrikasa izao dia misy ny fiaraha-miasa goavana miaraka amin'ny mpiara-miombonatoka dia ny «NMS» sy « CBM » miaraka amin' ny fandaharan'asa « miara-mianatra » hanentanana ny vahoaka Malagasy rehetra hanatrarana ny tanjona dia ny ankizy manana fahasembanana misitraka ny zo hianatra sy hivelatra eo anivon'ny fiaraha-monina, ho hita taratra eo amin'ny Firenena. Namafisin'ny Tale miadidy ny fampandrosoana ny Faritra Vakinankaratra, Rakotoarivelo Herindray no nanamafisany fa "Tsary misy harena noho ny olona", araka ny teny manentana ny Faritra Vakinankaratra ary tokony handray anjara mavitrika amin'ny asa fampandrosoana ny rehetra . Fa vohizin'ny Faritra koa ny fanomezana ny lanja ny harena maha-olona ka tafiditra ao anatin'izany ny fampiroboroboana ny zo an'ireo olona manana fahasembanana, ka izany indrindra no hisian'ireo olona manana fahasembanana miasa eo anivon'ny Faritra. Nambaran-Ramatoa Andriatomponera Voahangy Harimino, Préfet-n'Antsirabe fa mahatsapa ny maha-zavadehibe ny fampiatiana, ary midera ny fiarahamiasan'ny tompon'andraikitra ara-panjakana sy ny fiangonana indrindra ny avy ao amin'ny Fiangonana Loterana Malagasy ny tenany. Tokony hamafisina hatrany hoy ihany izy, izany fiaraha-miasa izany satria ao anatin'ny paikadimpampandrosoana ny firenena izao fandaharan' asa « Miara-mianatra » izao ary samy mitondra ny anjara biriky amin' izany ny olom-pirenena tsirairay, ary tsy tokony hisy intsony ny fanilikilihana eo amin'ny fampandrosoana eo amin'ny firenena misy azy. Tonga nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ihany koa ireo solontenan'ny kaominina 15.

***Solohery***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy legioma indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Ny legioma dia ahitana tsaramaso, karaoty ary ovy, azo atao saosisaosy izany, azo atao rony koa araka ny hitiavana azy. Dia mazotoa homana tompoko.**

## NY VALOSOA sy Mahavariana

## Fikoloana tarehy amin'ny tantely



Fikoloana tarehy amin'ny tantely indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Antibiôtika natoraly, manankarena mineraly sy vitamina ary mpanala arafesina maro karazana ny tantely. Noho izany indrindra no mahatonga azy hitsabo, hikolo ary hiaro ny hoditra. Tsy hosorana fahatany anefa ny fanao azy, fa misy teknika mila arahina, arakaraky ny sokajin-koditra sy ny vokatra andrasana amin'ilay tarehy asiana azy. Andramo ny maska amin'ny tantely dia ho hitanao fa tsy te hampiasa akora hafa hikoloana tarehy intsony ianao. Tantely sy karibonetra : "gommage" natoraly. Manadio ny hoditra hatrany ifotony ny tantely. Tsy vitan'izay fa mamono ireo bakteria mety hitarika mony sy «points noirs » koa izy. Ataovy ao anaty vilia jobo kely ny tantely 1 sotro fihinanana dia asio karibonetra 1 tsongo. Afangaroy, dia iny no hanadiovana tarehy isaky ny faran'ny herinandro tahaka izao. Ahosotra amin'ny tarehy sady arahina otra malefaka manoritra boribory. Avela eo mandritra ny 5 minitra dia somary kosehina malefaka indray ary kobanina amin'ny rano mafana aloha dia amainina tsara. Avy eo dia averina kobanina amin'ny rano mangatsiaka sy amainina tsara indray, mba hampikatona ny mason-koditra.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'Ambatondrazaka any amin'ny faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ambatondrazaka renivohitry ny faritra Alaotra Mangoro any amin'ny Faritanin'i Toamasina teo aloha indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Any akaikin'ny farihin'Alaotra, izay farihy lehibe indrindra eto Madagasikara no misy azy, ahitana lemaka fambolem-bary goavana any ary havoana kely madinidinika. Noho ny fikoahan'ny riaka ny nofon-tany, misy ireo lavaka maro miforona any amin'iny faritra iny. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'Ambatondrazaka. Ny nahatonga ny anarany dia namoron' ity tanàna ity izany Razaka izany, ary mbola misy vatony ao amin'ity tanàna ity hatramin'izao, izay vao nohatsaraina tamin'ity taona ity izany vaton-dRazaka izany, izay nanaovany fianianana taminr'izany fotoana izany, vato hita ao Andohatanjona Ambatondrazaka. Araka ny tantara dia izany Randriambololona izany niaraka tamin'ny zanany 3 dia Raseheno, Ramiangaly, ary Razaka no nanangana ny tanànan'Ambatondrazaka tamin'ny fiafaran'ny taon-jato faha-XVIII. Tamin'ny taona 1823 no tonga tany Radama I. Nisy Rova tany an-toerana, eo amin'ny toeran'ny fonja any antoerana amin'izao fotoana, teo nisy ny tanàna voalohany fa niitatra izany taty aoriana. Ireo fokontany ankehitriny dia ahitana an'Andohatanjona, misy ireo biraom-panjakana, Atsimondrova, Avaradrova Atsinanana sy Avaratra. Lalam-pirenena mbola tsy voarakotra tara no mankany, misy ihany koa ny zotran-dalamby MLA na Moramanga- Lac Alaotra. Teny filamatry ny tanàna ny hoe: izay mitambatra vato.



## AMOS 3 : 7

# Prophetie et révelation pour le monde entier, Madagasikara le 22 juillet 2018

AMOS 3 : 7 : « Car MOI JEHOVAH ne fait rien sans avoir révélé Mon secret à mes serviteurs les prophètes. »
Cet avertissement s'adresse aux habitants de la terre ! C'est Ma manière à Moi JEHOVAH dès le commencement et elle est immuable. Vous détestez que J'utilise des prophètes, mais pour MOI c'est une VERITE. Vous les humains vous efforcez de supprimer ma manière, mais Je vous conseille, revenez quand même, vous ne trouverez ni de REPOS ni de PAIX là où vous pensez aller et atteindre. Ecoutez-Moi auprès de mes moyens les prophètes qui vous ramèneront à la VERITE, à l'AMOUR et au SALUT. A vrai dire, vue la réalité sous le soleil, chacun devrait déjà être conscient qu'il est dans une impasse ! C'est pourquoi J'interviens pour que vous ne renieriez pas MA PUISSANCE car cela engendrera votre extermination. Cher humain n'oubliez surtout pas, ni ne faites pas semblant d'ignorer que quelque soit vos actes, cela une conséquence. C'est pourquoi Je vous écris, car il n'est pas encore tard. Et pourtant la réalité ne change pas. Si MOI JEHOVAH, J'ai utilisé des prophètes auparavant pour prévenir les hommes des désastres qui menaçaient, ils étaient encore orgueilleux. Ma parole dit Jérémie 13/9 Voilà pourquoi J'ai utilisé souvent des prophètes afin que les hommes sachent la voie à suivre. Esaie 13/6 Il vient comme un désastre de la part du TOUT PUISSANT. Esaie 15/1, Esaie 17/1 : Esaie 22/14 : ce crime ne vous sera point pardonné que vous ne soyez morts. C'est ma parole JEHOVAH **afin que vous abandonniez vos iniquités**. Esaie 23/1 C'est MOI JEHOVAH qui parle et non un humain. Esaie 24/3-4-5 La terre est en deuil, le monde se délabre. Ces faits ont eu lieu dans l'ancien testament et notés par écrit. Ce ne sont que des exemples pour attirer votre attention, afin que vous sachiez que Je SUIS LE MEME. Amos 4/11. En ces derniers jours stipule ma parole en Ephésiens 5/16 Quoique ce soit la vie des hommes se dégrade ce qui M'incite à vous aviser comme auparavant. Lorsque J'ai observé, J'ai constaté que des catastrophes menacent la terre et MA VERITE commence à exterminer à causes des pratiques qui vont à l'encontre de ma VERITE, de MA SAINTETE ainsi qu'à la violation de mes commandements divers. Il y a divers trains de vie que les hommes aiment mener alors qu'ils ne leurs sont pas bénéfiques et les exterminent. Ils ne leur procurent aucun bonheur mais les mènent à l'enfer. Quels sont-ils ? Ils existent dans chaque pays et pourtant ils ne leur procurent que des inconvénients comme conséquence comme autrefois. **1** Si un pays se confie à un être humain ou suit une pensée humaine, Pour lui MOI JEHOVAH LE CREATEUR n'existe pas, alors qu'on peut bien M'invoquer à tout moment et en toute circonstance. La VERITE finira par lui être complètement cachée. Les autres pays dépouilleront de ses richesses, de ses habitants et la guerre civile sans merci y règnera. Des guerres et exterminations dans tous les domaines ainsi que le gel et les canicules invivables y succèderont. **2** Si un pays est plein d'effusion de sang : La terre ne supporte pas l'effusion de sang et elle se plaint souvent auprès de MOI. Les êtres vivants ne supportent pas non plus habiter dans de tel pays. Il sera dévasté et le sol sera infertile car il est imbibé de sang. Le sang chaud qui y est versé, augmentera excessivement la température qui sera invivable. Mon souffle de vie chez les hommes est contradictoire au sang versé dans la terre. Tous les deux ne peuvent pas cohabiter. Cela chasse les vivants, leurs âmes ne le supportent pas. **3** Si un pays considère son argent comme son sauveur et sa connaissance comme roi, s'il compte sur sa richesse et sa puissance, s'il cherche sa gloire et sa célébrité. Cela provoque des malédictions puisqu'il ne croit pas à son CREATEUR. Cela engendre des désirs et crée une vie sur laquelle s'appuie son cœur et son amour qu'il devient distrait. Il se confie à son intelligence et prend conseil auprès des œuvres de ses mains MOI JEHOVAH Je lui serai alors caché. Voici ces idoles se dresseront contre ce pays et l'extermineront en un clin d'œil. Quel horreur ! **4** Si dans un pays règne des discussions, il adore d'autre dieu et sa population n'est pas d'un même accord et n'aime pas collaborer avec les autres et s'il rejette ceux qui ne leur sont pas semblables car il se croit être indépendant, aime appauvrir les autres et les exploite. Ces pratiques sont insupportables pour les quatre natures suivantes FEU, EAU, AIR, TERRE qui sont sensées procurer la vie aux humains. Leur FUREUR succèdera dans ce pays et il n'y aura aucune solution. **5** Tous les pays du monde entier connaitront la CONFUSION dûe à : récessions économiques. L'alternance du pouvoir sera rejetée par la population, les guerres tribales, et civiles y règneront. Ceux qui sont déjà unis connaitront une dissension. Il y aura des demandes d'indépendance, La population en aura assez de politique et se pointera du doigt. Les citoyens n'accepteront plus aucun arrangement ni programme. Les différents pays n'auront plus confiance entre eux comme auparavant. Les citoyens du monde n'accepteront plus le pouvoir imposé directement et indirectement. Toutes les classes sociales se sentent désavantagées. Voilà l'injustice commence à s'installer ouvertement sur la terre où habite l'humanité car les nouvelles planètes sont déjà sorties pour réparer beaucoup de choses : (Message Lah 8). C'est comme autrefois que J'utilise la présente prophétesse comme mon moyen JEHOVAH, alors lisez quand même !

Amen!

HALELOIA! JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## AIMF sy ny tanànan'i Paris

# Afapo amin'ny fiaraha-miasa amin'ny CUA eo amin'ny fandrindram-piterahana

Afapo tamin'ny dia-ny teto amin'ny tanànan'Antananarivo ny iraka avy amin'ny tanànan'i Paris sady avy amin'ny AIMF, fikambanana iraisam-pirenen' ireo ben'ny tanàna miteny Frantsay, nijery ifotony sy nanao dinik'asa niaraka tamin'ny tompon'andraikitry ny tanànan'Antananarivo amin' ny fanatanterahana tetikasa fandrindram-piterahana, izay azon'ny Renivohitr'i Madagasikara tamin'ny AIMF izy ireo, ka ny tanànan'i Paris no mpanohana ara-teknika. Nihaona tamin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana ireto iraka avy amin'ny tanànan'i Paris sy ny AIMF ireto ny alakamisy teo, iraka izay ahitana an-dRamatoa isany Anaïs Mit, Valérie Ledour ary Christine Mauget. Nambaran'izy ireo tao aorian'ny fihaonana fa dinika ho fanombohana ny tetikasa fandrindram-piainam-pianakaviana eto an-drenivohitra no natao tamin' izany, nahazoam-bola mitentina 1 hetsy Euros, ho fandrindram-piterahana ho an'ireo tovovavy sy vehivavy sahirana ara-pivelomana ao amin' ny Boriboritany voalohany, faha-2, faha-3 ary ny faha-4, ka ny BMH Isotry, ny CSB II Volosarika, ny CSB II Andravoahangy ary ny CSB II Namontana no hanatanterahana izany tetikasa fandrindram-piterahana izany. Anisan'ny sakana amin'ny fampandrosoana ny mponina amin' ny tanàna iva eto an-drenivohitra ny tsy fisian'ny fandrindram-piterahana ho azy ireo, antony mahaza-vava-dehibe izao tetikasa izao.

***Isambilo***

## Boriboritany faha-3 (CUA)

# Nanao fandaminana parking sy ireo mpivarotra hani-masaka



*Ny fandaminana sy ny fanamboarana teny Tsiazotafo nataon'ny Boriboritany faha-3.*

Nanao valandresaka tamin'ny mpanao gazety tetsy amin'ny biraon'ny Boriboritany fahatelo, ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Rado Andriamamonjisoa afak'omaly. Nanambara izy fa hisy fandaminana tsy maintsy atao manomboka etsy amin'ny "irresistible" Soarano hatrany amin'ny TOTAL Tsiazotafo, araka ny toromariky ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Izany no hatao nohon'ny fahitana ny fikorontanana sy ny fahateren'ny lalana noho ny fisian'ireo fiara mijanona tsy nahazoana alalana tamin'ny CUA, indrindra ireo fiara maro maty mipetraka eny; eo koa ny fisian'ireo mpivarotra hanimasaka maro mivarotra eny amoron-dalana izay mety hiteraka tsy fahasalamana ho an'ny olona. Araka izany dia mampahafantatra sy manao antso avo ho an'ireo olona rehetra mampiasa ny io lalana io: tranombarotra, mpivarotra hani-masaka sy ireo fiara mijanonana tsy nahazoana alalana ary ny sarety mivezivezy mitatitra entana amin'ny ora tsy ara-dalàna ny Delegen' ny boriboritany fahatelo mba hiala eo amin'ireo toerana voafaritra ireo, nanomboka ny omaly zoma 27 jolay 2018 tamin'ny 6 ora maraina, fa nisy ny fanadiovana izay ataon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Hisy ny fepetra henjana izay ho raisina amin'ireo tsy manaraka ny fandaminana: ny fakana ireo fiara sy ny fandraofana ny entana mbola hita fa mijanona eny. Entanina hatrany ireo olona voakasika rehetra mba hanaraka izany fandaminana izany. Marihana fa efa nisy ny fampilazana mialoha ho an'ireo mpivarotra sy mpampiasa lalana ny amin'ny ialan'izy ireo amin'izany faritra izany, ka rehefa vita ny fandaminana dia manentana hanaja ny fahadioavana sy ny lamina izay napetraka hatrany ny CUA.

***Aly***

## Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay- Malagasy

**Intellectuel :** ilazana ireo olona mpandinika na avarapianaranana manam-pahalalana ampy, manana andraikitra ny hanaparitaka antsoratra na am-bava ny heviny sy ny fahaizana norantovina ho an'ny tombontsoan'ny besinimaro na ho an'ny fampivoarana ny sehatra manokana.
**Intérim (d'une fonction) :** fandraisana andraikitra sy asa vonjy maika mandritra ny fotoana tsy maha eo ny tena tompon-toerana, mpisolo toerana vonjy maika.
**Interministériel :** itambaran'ny ministera vitsivitsy.
**Interventionnisme :** fitsabahana.
**Jacobinisme :** ny jakobinisma dia fikambanana politika nandritry ny revolosiona frantsay. Ny tanjon'io Fikambanana io dia ny hanolotra Lalampanorenana ho an'ny firenena frantsay. Teny am-piandohany dia ny revolosionera toa an'i Sieyès sy La Fayette no mpikambana tao. Taty aoriana dia niha-nahery vaika ny fikambanana noho i Robespierre izay nitondra ny fampihorohoroana hatramin'ny 1794. Niaro ny Fiandrianampirenena sy ny tsy fahazoana mamakivaky ny Repoblika frantsay. Ankehitriny dia heverina fa ny jakobinisma no nahatonga ny frantsay ho fanjakana centralisateur sy ny toerana manokana azon'i Parisy (parisianisme izay mifanohitra amin'ny federalisma) teo amin'ny politikam-pirenena.

**Fetra Ramamonjy**

ANTANIFOTSY-VAKINANKARATRA

## Rangahy nangalatra taolam-paty nahitsoky ny vadiny

Asa na efa tena mafy tokoa ny fiainana na dia ahoana loatra fa dia efa lasa manaonao foana avokoa ny ankamaroan'ny olona. Tranga hafakely indray mantsy no niseho tao Antsahondra, distrikan'Antanifotsy Vakinankaratra satria raim-pianakaviana iray no fantatra fa namaky fasana ary dia ny vadiny ihany no nanitsoka ilay rangahy nangalatra taolam-paty tamin'ny vahoaka. Araky ny loharanom-baovao avy tany an-toerana, dia nivoaka ny trano toy ny fanaony mamonjy asa any an-tsaha andavanandro ilay raim-pianakaviana ny maraina. Nony nody anefa izy dia nitondra entam-be tamin'ny kitapo jiafotsy, izay tsy navelany ho jerena na kitihina mihitsy ilay kitapo sy ny tao anatiny. Vao mainka nahagaga sy naha-mahana an-dRamatoa vadiny anefa izany ka nampifamaly azy roa. Nony elaela anefa dia namoaka fofona hafahafa sy maimbomaimbo ihany ilay entana tao anaty kitapo ary vao mainka nanontany azy mazava izay ao anatiny ihany ramatoa, saingy nandà hatrany ilay rangahy. Tsy nanaiky hatramin'ny farany ilay ramatoa fa nanao di-doha hisava ilay entana nentin-drangahy ka noraisiny ilay entana dia nivoaka ny trano ilay rangahy. Niantso vonjy sy nampilaza ny manodidina avy hatrany ilay ramatoa fa nitondra entana hafahafa ny vadiny ka raikitra ny andrimaso sy ny fitadiavana ilay raimpianakaviana. Natao ny fikarohana tany an-tsaha ka hitan'ny olona fa nisy lavaka vao nataony tao an-tanimbomanga ary rehefa nosavaina dia hita tao ilay kitapo tao an-tranon'izy ireo ary taolam-paty no tao anatiny. Rehefa nojerena ny fasana manodidina, dia nahitana fasana iray nisy namaky tokoa ary heverina fa mety ireo taolana hita ireo no very tao satria voalaza fa farafarampasana miisa roa nisy razana 7 no nakana ireo taolan-dava ireo. Hatramin'ny nanoratana dia mbola tsy hita izay nanjavonan'ilay rangahy namaky fasana io ary tombanana ho nisy namana ihany koa izy nanao izany asa ratsy izany. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha amin'izao fotoana.

***Solohery***

Andranomanelatra-Antsirabe II

## Sesilany indray ny fanafihan-jiolahy

Miverina indray ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny Distrikan'Antsirabe faharoa ao tato ho ato. Saika isan-kalina dia andrenesana fanafihan-jiolahy mitam-basy indray mantsy tany amin' ny manodidina tany ka isan'izany ny ao amin'ny kaominina Andranomanelatra. Tato ho ato dia sesilany indray ny fanafihan-jiolahy ao amin'ny kaominina Andranomanelatra ao. Raha ny tamin'ity herinandro ity dia efa nitrangana fanafihana in-droa sahady tao Andranomanelatra. Teo aloha ny fanafihana tranombarotra iray teo antampon-tanàna izany, nandrobana vola nanodidina ny 4 tapitrisa Ariary dia nisy indray ny alin'ny alarobia 25 Jolay lasa teo, tokony ho tamin'ny 12 ora alina tao amin'ny fokontany Tsaravavaka-Ambatomainty, izay manamorona ny lalam-pirenena faha 7 iny ihany. Toeram-pivarotana iray tao amin'ny fokontany Tsaravavaka-Ambatomainty ity no nokasain' ny jiolahy ho vakiana, saingy tsy vitan'ireo jiolahy izany. Nitondra vato tamin'ny gony ireo jiolahy raha ny fitantaran'ny mponina ka torabato isam-baravarana aloha no nataony, nampitahorana ny olona, vao nanao ny fandrobana izy ireo. Nasian'ny tompony ireny gadanà misy "Antivol" ireny ny hidin-tranony ka raha vao nikitika ilay varavaram-by ireo jiolahy dia naneno mafy nanaitra ny nanodidina izany. Nivoaka ny fokonolona saingy raikitra indray ny tora-bato ka nisitrika indray izy ireo. Tsy vakin'ireo jiolahy ilay trano ka nifindra toerankafa indray izy ireo, dia tranon'ny sinoa iray tao Tsaravavaka ihany saingy nitovy ihany ny nitranga satria misy ireny "jiro famantarana olona", na irony antsoin'ny vahiny hoe "Détecteur de mouvement" ireny teo amin'ny tambohon'ilay olona ka nirehitra avokoa ny jiro raha vao tonga ireo jiolahy. Ankoatra izay dia mbola nisy "Anti-vol" ihany koa ny vavahady ka vao nokitihina dia naneno ary dia nitsoaka indray ireo jiolahy. Nambaran'ireo mponina tao an-toerana fa mitondra bisikilety ireo jiolahy manafika satria tazan'ny olona nanosika izany izy ireo. Tokony ho mailo araka izany ny mpitandro filaminana satria mety ho jiolahy ihany koa ny mitondra bisikileta maromaro amin'ny alina. Tato anatin'ity volana jolay ity dia tsy latsaky ny in-3 izay ny fanafihan-jiolahy tao Andranomanelatra.

***Lezama***

Lycée Ambohitrimanjaka

## Nahazo fampitaovana avy amin'ny Lycée any Belgique

Fitaovam-pianarana mitentina 20 tapitrisa Ar no natolotry ireo mpiara miombonantoka, sekoly iray avy any Belgique dia ny Lycée any Leid ho an'ny Lycée Ambohitrimanjaka, hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana. Ny lycée Ambohitrimanjaka ihany koa izay mankalaza ny faha 10 taona nijoroany amin'izao fotoana. Fitaovana ara-tsiantifika sy biôlôjika ary eo amin'ny taranja fizika maro no natolotra ny Lycée Ambohitrimanjaka tamin' izany, teo koa ireo fitaovana hanatsarana ny fahaizan'ny mpianatra teny vahiny ary ny fampianarana mozika. Fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana omena hatrany ny mpianatra no anton'izao fiaraha-miombon'antoka izao hoy ny Proviseur ny Lycée Ambohitrimanjaka Andriantsirava Tiana Eloi. Ankoatra ny fampitaovana, misy ihany koa ny fifanakalozana traikefa eo amin' ireo mpampianatra avy any Belgique sy ny avy ao amin'ity Lycée eny Ambohitrimanjaka ity, toy izany koa ny fifanakalozana eo amin'ny mpianatra amin'ireo Lycée roa tonta. Mahatratra 750 ankehitriny ny isan' ny mpianatra ao amin'ity Lycée ity.

***Aly***




Tratry ny tolaka rafivavy

## Maty ny zanak'izy mivady

Indray andro, narary ny zanak'izy mivady ireto. Nanatona dokotera izy mivady satria sady tsy nahinan-kanina no nandoa tsy misy fiatoana izany ity zanany ity. Tsy vitan'izany fa manao delira izany izy ary mivoaka farora-bava tsy mijanona koa. Nikoropaka izy mivady ireto ka niezaka nanatona dokotera ary naiditra Hôpitaly mihitsy. Volabe no efa lanin'izy mivady tany amin'ny Hôpitaly, saingy tsy nety sitrana fa maty ihany. Alahelo sy tomany saika tsy nijanona no nahazo ity reniny ity, saingy nahery ny mpampionona ka nionona ihany izy. Afaka herinandro dia naka hevitra tamin'olona izy hoe inona marina no tena nahafaty ny zanany fa tsy mazava satria toa aretina tsy fanta-pototra izany no nahazo azy. Renim-pianakaviana nahazo fahasoavana sy fahasitranana tamina zanaka maditra sy mpijangajanga izay no nanoro hevitra azy mba hanatona an' i Madame Noelah **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** ary ny **03260 479 94** satria nambaran'io olona io fa manana "pouvoir"manokana io mpitsabo io ary afaka mamaha ny olana samihafa mahazo ny mpiara-belon aminy. Ny ampitso ihany dia nihaona teny aminy teny amin'ny 67 Ha atsimo tokoa izy telo mianadahy.

**Tolaka rafivavy no nahafaty ilay zaza**

Vao nihaona fotsiny teny amin'ity mpitsabo ity izy mivady ka nitantara ny nanjo azy dia notapahin'ity mpitsabo ity avy hatrany. Raha tsaroanao hoy ilay mpitsabo tamin'ilay ramatoa dia efa nanana sipa io vadinao io taloha ary saika hivady mihitsy izy roa fa nosembaninao. Nanjary tsy raikitra ny fanambadian'izy roa hoy izy fa ianao no raikitra satria tsy tian'ny renin'ilay tovolahy ilay tovovavy saika ho vadin-janany. Sendra lanonana tsy tsaroanao akory hoy izy no namosavian'io tovovavy io ny zanakareo raha sendra niara-nisakafo tamina mariazin'olona nifandraisana ianareo roa. Tsy fantatrao akory hoy izy fa efa ela izy io no te hamely anareo fa izay vao azony ny zanakareo. Tsy azo averina intsony ny maty hoy ilay mpitsabo fa ity misy fanefitra omeko anareo ary ampiasainareo amin'izay atoroko anareo. Nody izy mivady, nampiasaina ny fanefitra azony ary nanomboka teo dia niova tanteraka ny fiainan'izy mivady satria nanjary olombaovao izany izy na dia nilaozan-janaka aza. Ilay rafivavy fantatra fa namosavy ny zanany kosa dia leo monina tsy tamàna teny an-toerana intsony fa lasa any amin'ny faritany mihitsy. Nambaran'ity mpitsabo ity anefa fa tsy ilaina ny mamaly ratsy ny ratsy fa Andriamanitra no mamaly izay mpanao ratsy eto. Tsy ianareo ihany hoy izy no tratry ny tolaka sy mosavy toy izao fa efa maro, saingy leo monina sy nivaly tany amin'ilay mpamosavy ny nataony rehefa nokarakaraiko satria fanomezam-pahasoavana ananako io, ka izay minia mamadika dia izy ihany no ifoteran'ny nataony.

***Ny Akama***

Finoana sy politika

## Fiangonana zokiny toa mitady ho difotry ny zandriny

Mihetsika dia mihetsika avokoa ny tontolo politika amin'izao fotoana, eny hatrany am-piangonana aza dia ady hevitra goavana hatrany ity fifidianana indray mitoraka ity. Tsikaritra ho misedra olana amin'izao fotoana ireo fiangonan-dehibe mivondrona ao amin'ny FFKM satria hita ho mizarazara hevitra tanteraka izy ireo amin'ireo zanaky ny fiangonany izay maro dia maro no mirotsaka ho kandida ary manantena ny fanohanan'ny fiangonana iaviany. Ao ireo efa misora-tena toy ny voatango ho tohanan'ny fiangonany sy ny mpitantana azy, kanefa tsy fantatra akory raha ho tohanan'ny krisitianina mpifidy maro an'isa. Manoloana izany dia misoko mangina ny fiangonana zandriny ary mitady hahazo vahana tanteraka ireo tsy ao anatin'ny FFKM satria hitan'izy ireo fa mitady hipatitaka ity vondrom-piangonana Kristianina ity. Hatramin'ny kandidàn'ny fiangonana izay lazaina ho zandriny aza, tonga manafika ny hetsika ataon' ny fiangonana mivondrona ao ami'nny FFKM, ka hita ho mahazo aina tanteraka izy ireo amin' izany. Io no ilazana fa raha toa ka miveravera ny fiangonana izay lazaina fa zokiny hatramin'izay dia isan'ny hampidaraboka azy ity fifidianana ho avy ity satria hita ho vonona hamotika ity vondrom-piangonana goavana ity ireto fiangonana zandriny ireto. Raha ny fantatra dia efa nisy tamin'ireo fiangonana lazaina fa zandriny ireto no nikasa sy nangataka hiditra tao anatin'ity vondrona FFKM ity saingy hatramin'izao dia mbola tsy nisy ny fanapahan-kevitra nandraisana ireo nangataka hatramin'izao, ka izy ireo mikasa ny hivondrona sy hampiseho hery ireo amin'izay, manoloana ity fifidianana ho avy ity. Ny mpanao politika hatramin'izay ihany koa tsy dia nijery azy ireny ka izany no mety hiteradoza amin'ireo fiangonana zokiny atsy ho atsy raha tsy mitandrina izy ireo.

***Solohery***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**21/07/18 hatramin'ny 28/07/18**

- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 794-07-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VARIKA

## Mampidi-bola be ho an'i Madagasikara

Nanokatra vavahadim-pahalalana antsoina hoe "portail des lémuriens pour Madagascar" entina hiarovana ny Varika ny minisiteran'ny fizahantany, niaraka amin'ireo fikambanana miaro ny Varika. Amin'ny alalan'ny connexion internet no ahafahana miditra ao anatin'ity vavahadim-pahalalana ity, izay misokatra ho an'ny rehetra manana fahalalana na sary mahakasika ny Varika. Miisa 110 ireo vavahadim-pahalalana momba ny Varika ireo izay mampiavaka antsika eto Madagasikara, satria isika irery no manana izany eto Afrika. Maro ireo fahalalana mahakasika ny Varika no ho hita ao anatin'ity vavahady ity, izay hanampy betsaka ny mpizahatany eto amintsika. Tsara ny manamarika fa anisan'ny mampidi-bola be ny Varika raha eo amin'ny sehatry ny fizahantany no resahina.

***Ny Valosoa***

Antsirabe

## Halatr'omby andro antoandro tao an-tsenan'omby

Nitrangana halatr'omby indray teny amin'ny tsenan'omby Antsirabe ny sabotsy teo raha ny tatitra azo tamin'ny tompon'andraikitry ny tsena. Isan'ny tsenan'omby goavana ihany ity tsena eny Ivohitra ity satria isan'ny mitondra omby amidy eny ny avy any Amoron'i Mania sy Ambatofinandrahana iny, ankoatry ny avy any Mandoto sy iny faritra andrefana iny. Raha ny fanazavana azo dia omby efa nisy nividy ka nafatotra tao anatin'ny faritry ny tsena ity nisy nikasa hangalatra ity. Efa nisy nahatsikaritra ireo roalahy fa toa nitilitily ilay omby ka nanaovan'ny olona sy ny tompony andrimaso tsara. Tampoka tokoa no namahan'izy roalahy ilay omby ary noroahany moramora tsy taitra. Rehefa tsy lavitra ny vavahadin-tsena dia nitangoronan'ny olona izy roalahy, saingy tafaporitsaka ny iray ka ilay iray no voasambotra. Efa raikitra ny daroka sy ny vono nahazo azy, ary efa saika matin'ny fitsarambahoaka mihitsy izany raha tsy tonga haingana ny zandary miasa eo amin'ny tsenan'omby. Tsy sambany nisy omby very tao isaky ny sabotsy tsenan'omby io, fa efa hatrany amin'ny taona 2012 tany no matetika nisian'izany, raha ny fanazavana. Rehefa natao ny fanadihadiana, dia fantatra fa tena efa tambazotra mihitsy ry zalahy ireto, satria fantatra fa efa misy lehilahy mpivaro-kena iray tsy lavitry ny tsenan'omby eo ihany no mpandray io omby halatra avy ao amin'ny tsenan'omby io. Io mpivarotra io no mody mividy omby iray sy manao ny taratasy rehetra momba izany.

***Lezama***

Faritra arovana Ibity

## Navaozina ny drafi-pitantanana


Nohavaozina indray ny drafi-pitantanana ny faritra arovana ao Ibity Antsirabe II amin'izao fotoana. Notontosaina tamin'ity herinandro ity ny fivoriana ho fanavaozana izany drafi-pitantanana izany, notarihin'ny teo anivon'ny Faritra sy ny Prefektiora ary ny C.O.S, izay hivondronan'ireo kaominina telo tafiditra amin'ny fitantanana ity valan-javaboahary ity. Anisan'ny Faritra manana ny mampiavaka azy ny Faritra Vakinankaratra nohon'ny fananany ny Faritra arovana Ibity izay manana velarana 6136 ha, voasokajy ao anatin'ny "Catégorie 5", ka araka ny efa nambara teo dia kaominina 03 no voakasik'ity faritra arovana ity dia Manandona, Sahanivotry ary Ibity. Ny mpikambana ao amin'ny C.O.S na ilay « Comité d'Orientation et de Suivi » no miantoka ny fanaraha-maso ny fomba fitantanana miaraka, eo ambany fiahian'ny Foibem-paritry ny Tontolo iainana sy ny Haivoary eto Vakinankaratra ary hiarahan'ny Faritra sy ny Prefektiora ary ireo solontenan'ireo kaominina voakasika miampy ny mpiara-miombon'antoka. Nandritra ity fivoriana natao teo anivon'ny Faritra ny alarobia lasa teo ity no nitondrana fanitsiana ny fomba fanatsaram-pitantanana ny faritra arovana. Araka ny fanazavan' Andriamatoa Rakotozafy Brice mpiandraikitra ny Faritra arovana Ibity dia nisy ny fanovana ny drafipitantanana sy fanajariana efa nankatoavin'ireo COS hatrany am-boalohany ary izao naverina nasiana fanavaozana sy fankatoavana, niaraha-nanapaka izao, nohon'ny fisian'ny fotodrafitr'asa natsangana ao anatin'ny faritra arovana. Afaka misokatra amin'ny fiaraha-miasa amin'ireo mpandraharaha rehetra misehatra ao anatin'ny tontolon'ny fizahantany araka izany ny Faritra arovana Ibity manomboka izao ary tsy hanana fahasahiranana intsony ireo mponina ao anatin'ny kaominina telo voakasika noho ny fisian'ity Faritra arovana ity satria amin'izao fotoana izao dia nametrahana ireny "pylône" ireny eny an-toerana mba hanatsarana ny fifandraisana amin'ny manodidina.

***Solohery***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 244




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0243)

***Mitsivalana***
- Kalitao
- Asa – SR
- Zitra
- Elatra
- Irony (Miv)
- Jona – Avy
- Vatomamy (Miv)

***Mitsangana***
- Karenjy
- As – OM
- Lazaina
- Manta (Miv)
- Tsiro
- Taratra (Miv)
- Iva
- Fay – Vy (Miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 244




**Mitsivalana**

**1.** Azo babo tanteraka – Feo miverina **2.** Mpanondro olona – Triatra (Miv) **3.** Toetra ratsy – Toerana fiompiana **4.** Sakoroka (Miv) – Ilaza ireo akora, atody nahazo zanaka **5.** Ao anaty rano – Foto-tenin'ny fikasana – Tsofoka **6.** Manerana ny faritra mangatsiaka – Manondro lavitra tsy hita maso **7.** Raha, sahala **8.** Maizimaizina **9.** Eny – Narary (Miv) 10. Filaharana amin'ny tsarana

**Mitsangana**

**A.** Iry, ila – Voaray – Tsirin-teny Mpifanao **B.** Felana – Nirehitra **D.** Kapoka (Miv) – Tovona **E.** Eo amin'ny vatako **F.** Iray sy iray – Faly sy ravo (Miv) **G.** Tadidio **H.** Metaly (Miv) – Nandray (Miv) **I.** Hita ao amin'ny sakafo – Angalana **J.** Vazoina – Fiandohan'ny anatra **K.** Soloiny – Vizana

### Valiny Teny mifanaraka 0243

***Mitsivalana***

1 *Matoanteny* 2. *Olona – Zahy (Miv)* 3. Nenitoa 4. Nono (Miv) – Hao (Miv) 5. Dina – Ditra 6. *Manety* 7. Diavina 8. Lay (Miv) – Rarana 9. *Ora* – Tena (Miv) 10. *As – Mitsaho*

***Mitsangana***

A. *Manodidina* B. Ela (Miv) – IA D. Tononkalo E. Onina – RM F. Aato – *Miray* G. Ondana H. Tia – *Sarany* I. Eh – Eto (Miv) – *Ana* J. No – Henatra (Miv) K. Izahay – Ota (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana tany Moramanga afak'omaly.









Ny fihaonana sy fialamboly ny mpiasan'ny ministeran'ny Indostria teny amin'ny Batou Beach Ambohimanambola omaly.





Ny fanomezana fitaovana ho an'ny Mpamonjy voina etsy Tsaralalàna avy amin'ny malala-tànana.



